# “Izay manana toetra efatra ireto dia tena mpihatsaravelatsihy madiodio, ary izay manana ny iray amin’ireo dia manana toetra fihatsarambelatsihy mandra-pialany aminy : Raha miteny izy dia mandainga, raha manao fanekena izy dia mamitaka, raha mampanantena dia mivadika, ary raha mifanolana amin'ny olona dia mihoam-pefy

Tatitra azo avy tamin'i Abdollahi bin Amro(R.A) : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay manana toetra efatra ireto dia tena mpihatsaravelatsihy madiodio, ary izay manana ny iray amin’ireo dia manana toetra fihatsarambelatsihy mandra-pialany aminy : Raha miteny izy dia mandainga, raha manao fanekena izy dia mamitaka, raha mampanantena dia mivadika, ary raha mifanolana amin'ny olona dia mihoam-pefy.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampitandrina momba ny toetra efatra ny Mpaminany (S.A.W) ka raha mitambatra amin'ny mpino silamo iray dia hitovy be amin'ny mpihatsaravelatsihy noho ireo toetra ireo, na koa raha hita betsaka aminy ireo toetra ireo, fa raha raha indraindray fotsiny no miseho aminy dia tsy tafiditra ao anatiny, ireto avy izy ireo : Voalohany : Rehefa miteny izy dia minia mandainga ary tsy misy fahamarinana izay voalazany. Faharoa : Raha nanao fifanekena dia tsy notanterahiny izany ka namadika ny tompony. Fahatelo : Raha nanao fampanantenana izy dia tsy notanterahiny ary nivadihany. Fahefatra : Raha miady sy mifanolana amin’ny olona izy, dia mafy ny adiny, ary miala amin’ny fahamarinana izy, ary mampiasa fitaka amin’ny fanoherana sy fandavana izany, ary milaza lainga sy zavatra diso. Ny fihatsarambelatsihy dia fanehoana ny miafina mifanohitra aminy, ary izany hevitra izany dia hita ao amin’ny olona manana ireo toetra ireo, ary ny fihatsarambelatsihy dia mihatra aminy amin'ny zon'ireo olona niresahany, nampanantenainy, natoky azy, nifanditra taminy, ary ny olona nifanaraka taminy, fa tsy hoe mpihatsaravelatsihy izy amin'ny lafin'ny finoana silamo ka hoe mampiseho ny finoana nefa manafina ny tsy finoana, ary izay manana ny iray amin'ireo toetra ireo; dia nanana toetra fihatsarambelatsihy tao aminy mandra-pialany aminy.